## "Sondage" nataon'ny FES sy ny Politikà

# Nosakanan'ny fanjakana sy ny CENI ny famoahana azy 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 27 septambra 2018 Laharana 819 Vidiny : 400 Ar


## Angôvo 7

### Miverina ny delestazy hoy ny JIRAMA



www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Ravalo sy ny Vondrona Eoropeana 2

# Mipetraka ny fifampitokisana



Sariitatra 6

# Dada no lakile




KIANJAN'AMBOHIJATOVO 5

## Hampiasaina amin' ny maha kianjan'ny demokrasia azy



Ambavahaditokana Itaosy 5

## Handraisana fepetra ireo mpitatitra mpihodina an-dàlana

Opération coup de poing 5

## Fanalana fako amin'ny dabam-pako miisa 235 eto Antananarivo

Depiote Félix Randriamandimbisoa 3

## Manamboatra tetezana mampitohy fokontany miisa 6

Daka kely

Tsy ho voafitak'ialahy intsony ny tanora ry Boaikely a !

Ambatofahavalo Atsimondrano 2

## Nampahafantatra ny kan-didà N°25 ny antoko TIM



RAVALO SY NY VONDRONA EOROPEANA

## Mipetraka ny fifampitokisana

Any Bruxelles renivohitr'i Belgique, misy ny foiben-toeran'ny Vondrona Eoropeana amin'izao fotoana ny Filoha Marc Ravalomanana, laharana faha-25 amin'ny bileta tokana amin'ny fifidianana filoham-pirenena hatao eto amintsika. Hatramin'ny omaly, nisy ny fihaonany amin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ity Vondrona Eoropeana ity, toy izany ny fihaonany tamin'ny kaomisera Louis Michel, nisy ihany koa ny fivoriana niarahany tamin'ny tompon'andraikitra hafa omaly dia ny tale jeneraly misahana an'i Afrika ao amin'ity vondrona ity, Brigitte Markhussen, sy ny tale misahana ny fiaraha-miasa Köhn Duens. Izany no midika fa mbola mipetraka tsara hatramin'izao ny fifampitokisana eo amin'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny Eoropeana. Tsy ny Eoropeana ihany no hainy no mifandray aminy fa saika ny firenena rehetra maneran-tany mihitsy na ny any Andrefana, na ny any Atsinanana, na ny any Avaratra, na ny aty amin'ny tapany atsimon' izao tontolo izao toy ny aty Afrika. Hainy ny mifandray amin'ny Amerikana, ny sinoa, ny frantsay, ny Norveziana, ny Danois, ny Allemand, sy ny maro hafa tsy voatanisa,… Izao diany any ivelany izao dia fikatsahana hatrany ny ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka atsy ho atsy, volana vitsivitsy sisa isaina dia tokony hiverina amin' ny fitarihana ny firenena indray ity filoha anisan' ny nitondra fampandrosoana haingana teto amin'ny firenena ity.



*Ny fihaonana teo amin'ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny kaomisera Eoropeana Louis Michel.*

***Isambilo***

"Sondage" nataon'ny FES sy ny Politica

## Nosakanan'ny fanjakana sy ny CENI ny famoahana azy

Araka ny fandaharampotoana dia tokony navoaka ho fantatry ny rehetra tao amin'ny HOTEL CARLTON omaly ny valin'ny tsapan-kevitra na ny sondage nokarakarain'ny Fondation allemande Friedrich Ebert Stiftung (FES), sy ny gazety boky POLITICA , mahakasika ny mety ho vokatry ny fifidianana filohan'ny repoblika hatao eto Madagasikara ny 7 novambra ho avy izao. Tsy tanteraka izany noho ny fanakanana nataon'ny governemanta Malagasy, sy ny CENI fa hoe mety hampisy korontana eto amin'ny firenena io sondage io. Araka izany, nisy ny valandresaka nataon'ny mpikarakara FES , ny gazety boky POLITICA ary ny solontenan'ny cabinet nikirakira izany tao amin'ny Holel IBIS Ankorondrano omaly. Nanaraka ny fenitra sy tsy nisy fitongilanana ary tsy manohana kandida izahay nanao io sondage io hoy ny fanambaràn'ireto farany.




Ny mahagaga dia alohan'ny fampielezankevitra no nanaovana ny tsapan-kevitra fa tsy tao anatiny , nefa dia izao najanona izao. Diso fanantenana tanteraka izahay hoy ny fanambaràna satria fampanjakà-na ny demokrasia no tena novoizina tamin' izany. Noho ny fanajàna ny eto Madagasikara dia voatery najanona ny tsapan-kevitra , ny gazety boky kosa navoaka ihany fa nesorina ny pejy sasany saika hamoahana ny valin'ny tsapan-kevitra. Tena mbola ho ela tokoa vao hanjaka eto Madagasikara ny resaka demokrasia .

***Helisoa***

Mpiasam-panjakana manao fampielezan-kevitra

## Ho hentitra amin'ny fampiharana ny lalàna ny DFP

Mitety faritra manerana an'i Madagasikara amin' izao fotoana ny DFP, izay nahazo fankatoavana avy tamin'ny CENI amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana, indrindra fa ny fihetsiky ny mpiasam-panjakana mandritra ny fampielezan-kevitra. Fantatra tamin'izany fa: « Fidirana am-ponja 2 ka hatramin'ny 6 taona, lamandy mitentina 1 000 000Ar hatramin'ny 5 000 000Ar no miandry ireo mpiasam-panjakana manao fampielezan-kevitra miaraka amin'ny kandida mpilatsaka hofidiana" hoy ny D.F.P na ny: « Développement, Fraternité, Paix Sociale » tamin'ny mpanao gazety , ny alatsinainy teo, teto Antsirabe . Ity rantsana DFP ity dia nahazo fahazoan-dalana ho mpanara-maso ny fizotry ny fifidianana avy amin'ny CENI araka ny didimpanjakana laharana 072/ CENI/2018 ny 12 aprily 2018 , ary mifantoka amin'ny fanaraha-maso ny fihetsiky ny mpiasampanjakana no iandraiketany mandritra ny fampielezan-kevitra. Ny mpiasam-panjakana rehetra, ireo mpiasan'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, izy rehetra ireo dia tsy tokony hiandany na amin' iza na amin'iza, ary tsy tokony handray anjara amin'ny fampandaniana kandida na inona na inona lokony sy antoko misy azy. Olom-pirenena anefa izy ireo ary manana ny safidiny tanteraka fa tsy tokony hita taratra eny amin'ny zavatra ataony ny safidiny. Torak'izany ihany koa, tsy azo atao ny mampiasa ny fitaovam-panjakana rehetra mandritra ny fampielezan-kevitra na inona na inona mety ho endriny ohatra : fiaram-panjakana, seza, fanamafisam-peo… Hiezaka hitety ny faritra 22 izy ireo hanapariaka izao andraikiny izao. Fomba fiasany ny hametraka rantsa-mangaika isaky ny distrika ary misokatra amin'ny olom-pirenena rehetra amin'ny fitaovantserasera maro isan-karazany. Ny fakana ny sary amin'ny tranga miseho no porofo azo tsapain-tanana hoentin'izy ireo mampiakatra amin' ny ambaratongam-pahefana mahefa afaka mitsara ny raharaham-pifidianana. Aorian'Antsirabe dia mbola hitety faritra maro ny DFP izay tarihan'ny filohany RATOLOJANAHARY Maharavo dit Doudou. Teo am-pamaranana dia namafisiny ihany koa ny tsy tokony hipetrahan'ny « Effigie » na ny sarin'ny Filoham-pirenena teo aloha intsony eny amin'ny biraom-panjakana.



***Solohery***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy azo hambakaina sy fitahana ny tanora Malagasy

Akaiky ny datin'ny 7 Oktobra 2018 hanombohan'ny fampielezankevitra , samy manao izay heveriny fa hahazoany vokatra mitondra mankany amin'ny fandresena ny kandida sy ny mpanohana. Tsikaritra fa misy ny kandida sasany miezaka manjono ny tanora amin'ny fomba rehetra satria heverina fa ny tanora no maro an'isa amin'ny mpifidy. Tsy misy maharatsy an'izany saingy ny tsy maintsy vakiana bantsilana kosa dia ny fiheverana ny tanora ho azo hambakaina satria lazaina fa tsy maharaka ny zavatra marina niainan'ny firenena ireny tanora ireny . Amin'ny fotoana mialohan'ny fifidianana filoham-pirenena toy izao indrindra no tsy maintsy hanazavana sy hilazana amin'ny tanora rehetra fa sarotra amin' ny mpanongam-panajakana sy nanapotika ny firenena no hitondra ny firenena . Sarotra ny hino fa olona nandoro trano teto amin'ity firenena ity no ho lasa anjely tampotampoka eo ka hilaza habobo sy fampanantenana mampanonofy antoandro . Iza no hanadino izany atao hoe Alatsinainy mainty izany ! Iza no tsy mahafantatra ny tomponandraikitra tamin'ny fitondrana ny vahoaka hanani-dapa tetsy Ambohitsorohitra tamin'ny 7 Febroary 2009 ! Ankoatra izay ny trafika isankarazany nandritra ny tetezamita ka nahatonga ny tsy fankatoavana iraisam-pirenena . Tsy maintsy lazaina amin'ny tanora ankehitriny fa matoa potika toy izao ny firenena dia nisy ny olona nanao ny fanapotehena. Raha ny programa dia samy manana ny kandida , eo koa ny vinam-piarahamonina saingy ny momba ilay kandida manokana kosa dia mety misy ny tsy mahalala indrindra ny tanora. Mila lazaina amin'ny tanora fa zavadoza no hanjo ny Malagasy raha olona efa zatra nanao trafika sy nandoro trano ka nampitombo ny tsy an'asa no ho tonga eo amin'ny fitondrana . Samia ary mailo. Sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

Ambatofahavalo Atsimondrano

## Nampahafantatra ny kandidà N°25 ny antoko TIM

Tonga nampahafantatra ny N° 25, kandida Filohampirenena Marc RAVALOMANANA, tany Ambatofahavalo Antananarivo Atsimondrano, ireo depiote 6 mianadahy avy amin'ny antoko TIAKO i MADAGASIKARA (TIM) eto Antananarivo sy manodidina, notarihin'ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, ary nandray ny vahiny kosa ny depioten'Atsimondrano Voahangy Raharimanarivo. Tsena rahateo ny andro ary dia sady nividy ny vokatry ny tantsaha izy ireo no nanazava tamin' ny mponina ny momba ny N°25 izay lakile amin'ny fampandrosoana, Ambatofahavalo rahateo dia toerana mpamokatra fraise ary irian'izy ireo ny handraisan'ny orinasa TIKO ny vokatra vokariny sy hanampiana ny teknikam-pambolena ho tsara kokoa ny vokatra. Mampitaraina ireo mponina ihany koa ny tsy fandriampahalemana, nanomboka ny taona 2009 manjaka ny halatr'omby, miakatra an-tanàna ny dahalo. Niaradia tamin'ireo depiote tamin'izany ireo Tanora Tim Atsimondrano sy ny ben'ny tanàna vitsivitsy avy ao atsimondrano. Miandry fatratra ny kandidà N°25 Marc RAVALOMANANA izy ireo.

***Isambilo***



*Ny fampahafantarana ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana tany Ambatofahavalo Atsimondrano.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Famokaram-bary: Ravalomanana no manana traikefa indrindra amin'izany

Mametraka ny vahoaka hatrany ho tsy mahalala n'inona n'inona tamin'ny zava-nitranga teto amin'ity firenena ity hatramin'izay ny kandida Rajaonarimampianina, sy izay mitovy hevitra aminy rehetra, ka manao ny tenany ho izy irery no nahavita mihoatra noho ireo filoha nifandimby teo anoloany rehetra . Anisan'ny niompanan'ny adihevitra nataony tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina vitsivitsy izay miara-dia aminy, ny talata hariva lasa teo, ny resaka famokaram-bary eto Madagasikara. Tsy re tao anatin'izany ny fiaikeny fa ny filoha teo aloha Ravalomanana Marc no tena anisan'ny nanao ezaka be dia be tamin'io ezaka famokarambary io teto amin'ny firenena ary tsy mbola nisy toa azy. Izy no nanomboka namafa ao an-tsain'ny vahoaka Malagasy, ny fiheverana hatramin'ny fahagola mihitsy, fa « ny tany mena tsy mirehitra ». Tsy marina io, fa azo atao tsara ny mamadika izany ho hamokatra, ka natombony teny amin'ny tany teny lavoloha ny fitaratr'i Madagasikara na ny "vitrine de Madagascar ", tamin'ny alalan'ny famokarana vary sy voly hafa ihany koa. Niitatra tamin'ny faritra samihafa io paik'ady io avy eo ary namporisika ny tantsaha mpamboly sy nampitombo ny vokatra teto amin'ny firenena. Hitany fa mbola tsy ampy anefa io, ary dia nataony koa, ohatra, ny fifaninanana tamin'ireo tantsaha mpamboly vary, ka nisy tamin'izany ny tonga hatrany amin'ny 14 taonina isaky ny hekitara. Lanonana lehibe no notanterahiny teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha isantaona nentina namporisihana ireo tantsaha, ary hita fa tena nahomby tokoa izany. Noezahiny ihany koa ny fanamboaran-dalana mba hahafahan'ireo tantsaha mamoaka ny vokany, ankoatra izay fomba samihafa fanampiana teny ifotony. Teo ihany koa ny fanorenana orinasa hanangom-bokatra hahafahana mamarotra ny vokatra amin'ny vidiny zakan'ny vahoaka mpanjifa, ka ialàna amin'ireo mpanao ampihimamba ny fanangonam-bokatra sy ny vidiny. Santionany hita tany amin'ny faritr'Ambatondrazaka izany, ary hita taty aoriana kely fa tsy nahazaka izany velively ireo mpanangom-bokatra mpanao antsojay ny mpamboly tany amin'iny faritra iny, ka anisan'ny niara-dia tamin'ireo andian'olona niketrika ny fanonganam-panjakana tamin'ny fotoan'androny. Mpitondra fanjakana iray anisan'ny niezaka nanao izay hamahana olana ny famokaram-bary teto amin'ny firenena Ravalomanana Marc tao anaty fito taona nitondrany ny tany sy ny fanjakana kanefa nosomparan'ireo voakitikitika tombontsoa manokana tamin'izany. Nofahanan-dalitra sy noharatsian'izy ireo tamin'ny fomba rehetra mihitsy Ravalomanana mba hihodina aminy ny vahoaka. Dia niaraha-nahita tsara teto ny fihazakazahana tamin'ny fandrobana ireo orinasa sy ny vary amin'ny gony aman-taoniny maro tamin'ireo orinasany ireny tamin'ny taona 2009 ireny. Tsy mandehandeha ho azy ireny akory. Iaraha-mahita tsara ankehitriny, fa io paik'ady lehibe azy io, izay nokasaina hanasoavam-bahoaka, dia tsy notohizan'ireo mpanongana azy tamin'izany sy ny fitondrana Rajaonarimampianina intsony taty aoriana. Vokany, nihalafo izaitsizy ny vidim-bary, ary tsy mbola nisy teto vidim-bary toy izao misy iainan'ny vahoaka amin'izao fotoana izao. Nibaribary ihany koa, ny fihenan'ny voka-bary teto vao nandalo ny rivodoza ary tafakatra aman'hetsiny taonina maromaro ny vary nafarana avy any ivelany niditra teo amin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra sy niatrika ny rivodoza. Midika izany, fa tsy nahomby mihitsy ny politika nataon'ny fitondrana Rajaonarimampianina momba ny voly vary sy famokaram-bary teto nandritry ny fotoana nitondrany ny firenena. Miseho ery anefa ny tenany ho nanao ezaka sy manana fomba fiasa tsara mbamin'ny vahaolana mahomby tao anaty fahitalavitra. Aoka tsy hifamitaka, ary aza mamitaka vahoaka, ampy izay. Aoka hiaiky izay olona efa nanana paik'ady tsara sy traikefa momba io sehatra momba ny voly vary sy ny famokarana azy io, fa tsy mihevitena ho zavatra hatrany nefa tsy nahomby amin'ny ankapobeny, izay no fahendrena.

***Sôh'son***

Fifidianana filoham-pirenena

# Ezahana hivoaka haingana ny voka-pifidianana hoy ny CENI



*Hery Rakotomanana filohan'ny Ceni*

Nisongadina teny amin' ny atrik'asam-pirenena momba ny fomba fanao tsara amin'ny fifidianana filoham-pirenena sy ny fitantanana ny olana samihafa mety mitranga, teny Antaninarenina, fa ezahina hivoaka haingana ny voka-pifidianana filoham-pirenena amin'ity taona ity. Ezahina ny fomba fanao tsara afahana mamoaka valim-pifidianana marina sy eken'ny rehetra hoy ny Ceni ary hitady "helicoptère" hampiasaina any amin'ireo faritra lavitra sy mitoka-monina ny Ceni mba hanafainganana ny famoahana ny voka-pifidianana filoham-pirenena. Tsy maintsy haingana isika hoy ny Ceni satria sao mitranga indray ny resaka halabato sy hosoka mety mitranga toy ny mahazatra eto Madagasikara.Tsiahivina, fa fiaraha-miasa teo amin'ny fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana (HCC) sy ny Ceni ary ireo sehatra momba ny fifidianana izy io izay tohanan'ny Oif.

***Rajo***

Alohan'ny fampielezan-kevitra

# Hanao sonia ny satan'ny fitondran-tena sy fifanajana ny kandida



*Maka Alphonse filohan'ny Cfm*

Nandritry ny fanazavana nentin'ny filohan'ny CFM (Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy), Maka Alphonse, teny amin'ny birao fiasany omaly no nilazany fa mila manao sonian'ilay fifanekena amin'ny fifanajana sy fitondran-tena ireo kandida mpifaninana filoham-pirenena alohan' ny fampielezan-kevitra. Ny hisian'ny fifidianana anaty fitoniana sy eken' ny rehetra no tanjona raha ny fanazavany ary tokony hanao izany ny kandida tsirairay avy. Tsy lalàna kosa anefa hoy izy io fa fahatsapan-tena ihany raha ny fanazavany satria fifidianana anaty fitoniana sy manaja ny demokrasia no tanjona amin'izany. Raha tsiahivina, dia ny alakamisy lasa teo no nisy fivoriana teo amin'ireo solontenan'ny kandida mpifaninana nandraisana ny fanapahan-kevitra farany momba izay fitsipika fitondran-tena sy fifanajana izay alohan'ny fampielezan-kevitra. Talohan' izay dia efa nisy ny fanatonana ireo rafi-panjakana sy ny fiarahamonim-pirenena nametraka izay « charte de la bonne conduite » izay ho an'ny kandida mba hisian'ny fifidianana anaty fitoniana nahitana ny Ceni, ny Cnidh, ny Hcdded, Samifim, Bianco, Fandio, Rohy, Justice et paix, sns... ary samy hanao ny asa tandrify azy ny tsirairay avy. Tsiahivina fa tapa-bolana sisa dia hanomboka ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana filoham-pirenena eto amintsika amin'ny 7 Novembre 2018 ho avy izao. Iza àry no ho lany filoha amin'izy 36 mianadahy ?

***Rajo***

**Depiote Félix Randriamandimbisoa**

# Manamboatra tetezana mampitohy fokontany miisa 6



Tsy manao ambanin-javatra mitady ny mahasoa ny vahoaka ao amin'ny boriborintany faha-4 ny depiote voafidy tao an-toerana Félix Randriamandimbisoa voafidy tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Misy hatrany ny asa ataony ahafahana manala fahasahiranana ny mponina toy ny fanamboarana tetezana sy ny lalankely sns... Ao anatin'izany, ny 1/3 ny fanamboara ny tetezana ao amin'ny fokontany Ambohibarikely boriborintany faha 4 izao no efa vita ny asa fanamboarana ankehitriny. Raha ny nambaran'ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ity boriborintany ity dia ho vitaina alohan ny orana io tetezana io izay ahitàna fokontany 6 hisitraka izany dia Ambohibarikely, Mandrangobato I, Anosibe I sy anosibe II , Mananjara ary Namontana . Marihina fa miisa 10.000 isa isan'andro ny olona mivezivezy ka tsy maintsy ho vitaina haingana hoy ny depiote Félix Randriamandimbisoa avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara, mba hanalàna fahasahiranana ny vahoaka izay efa nizaka ny fandravana sy fandrobàna nanomboka tamin'ny taona 2009 . Ankoatra izay , manoloana ny fakobe mivangongo ao amin' ny boriborintany faha 4 tao amin'ny fokontany Atsinanan'i Mananjara dia nanapakevitra ity solombavambahoaka ity fa ho esoriny ny fako izay efa mahatratra 10 kamiao mahery. Nanambara izy taorian'izany fa hanamboarany fitoerampako vita amin'ny biriky ao an-toerana satria efa mitaraina loatra ny mponina amin'ny fiparitahan'ny fako . Nanafatra ihany koa ny kandida Marc Ravalomanana N°25 rehefa nandalo tao an-toerana ny herinandro lasa teo fa mila madio ny tanàna hoy izy. Ny vahoaka koa tokony hifanome tanana amin'ny resaka fahadiovana satria izay tsy mandoto dia efa naman'ny manadio.

***Helisoa***

## TONONKALO

## AMPONDRA SA SOAVALY IRETO MIFANINANA ?

Ny dimy ihany angamba no tena soavaly.
Ny sisan`izay , tsara ho azy ny miato,
Satria raha ny vatony no hatontaly,
Dia angamba tsy hihoatry ny valo isan-jato.

Soavaly "be tongotra" ny ankamaroany
No sady sokajin`ireo "benahoana".
Dia asa izay antony mba hijoroany ,
Tsy manan-katao dia mandany fotoana ?

Andaniny izao ilay soavaly hafahafa,
Malaza ho mpitrifana sy sahisahy,
Ary raha ny hageginy , tsy mety voafafa,
Fa mbola ao an-tsain`ny manam-panahy.

Ankilany koa ilay iray mpisavoana,
"Soavaly misandratra" , hono , ilaiàka,
Ary lalina fa dia mampiesona foana
Kanefa efa impiry no afa-baraka.

Ankoatran`ireo dia `lay soavaly jamba,
Izay mbola mikiry sy tena mibahana.
Heveriny ho mbola tanora izy angamba
Ary tsisy fe-taona ny fihazakazahana !

...Ny olo-mijery no kivy avy hatrany.
(Tsy vitsy ireo tofoka sy tena leo.)
Soavaly mankaiza sa ampondra ihany
Fa mivonto fo `reo mahita anareo !

***DADAN`i ZINA ( 26-09-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny Antoko TIM nampahafantatra ny kandidà Ravalomanana tany Ambatofahavalo Atsimondrano.**









## Sakafo Ny Valosoa



Mbola laoka tsy misy hena ihany no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Voanemba miaraka amin'ny legioma sy holatra izany laoka izany. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Mahasoa ny fambolena legioma sy anana an-tanàn-dehibe

Mahasoa ny fambolena legioma sy anana an-tanàn-dehibe na agriculture urbaine. Tsy mila tokontany malalaka fan a kely aza dia mety. Azo atao tsara ny mamboly salady, céléri, tongolo maitso eo an-tokontany na eny an-davarangana fa tsy voatery miandry manana tany lehibe. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia efa nahazo loka tamin'ny fanaovana io fambolena an-tanàn-dehibe io.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Befandriana Avaratra any amin'ny faritra Sofia

Ny tanànan'i Befandriana Avaratra any amin'ny faritra Sofia indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'i Befandriana Avaratra. 86 km miala an'i Antsohihy renivohitry ny faritra no misy azy, manana seranam-piaramanidina ity tanàna ity. Mpamokatra vary i Befandriana Avaratra.



facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Mbola voatahiry hatrany ny tablier nomen'i Dada



**Tahina Nearin'ya :** mbola voatahiry hatrany ny tablier nomen'i Dada tamin'ny fotoana nitondrany. Nisy ankizilahy kely 7 taona eo ho eo mbola hitako nanao tablier ohatran'ireo de nanontaniako hoe an'iza iny de nolazainy hoe an'ny zokiny efa afaka bacc hono ilay izy, fa mbola anaovany satria sady tsara no mateza. Sady nampiany hoe na ny kitapo aza mbola any daholo.

**Oajira Hari :** 25 ihany e ! mbola maro ny ankizy any rehetra any mbola manao ireny tablier nomen'i Dada ireny.

**Mialy Randriambololona :** N°25, fampandrrosoana maharitra: tablier, lalana, cantine scolaire, zezika, masomboly,sns,... nisy avokoa izany tamin'ny fitondran'ny Filoha Marc Ravalomanana N°25 amin'ny bulletin unique e! N°25 ok...

**Mialy Randriambololona :** 25 = fampandrosoana maharitra, 25 ok...

**Hery Charles Rajaoharimanana :** hihihihi always number 25, laharana faha-25 foana e!

**Marie Bernadette Raharisoa :** hafa ihany dada, tena mateza mihitsy ny tablier sy kitapo nomen'ny filoha Marc Ravalomanana ny ankizy Malagasy ireny. Afa-pahasahiranana tamin'izany ny ray aman-dreny.

**Lova Patrick Andrianasolo :** mahakojakoja ny ankizy, afa-pahasahiranana ny ray aman-dreny, narisika tamin'ny fampianaran-janaka ny ray aman-dreny.

**Tahina Nearin'ya :** inona no mahasamihafa ny hoe : tia zaza ny Jesosinay sy ny hoe tia zaza ny mpamonjinay "Dada Ravalomanana".

**Taratra Ilaina :** Dada ihany ô, manorina maharitra .

**Ervino Bauwer :** 25 foana no mamimbahoaka eeee!

**Jaona Rakotovao :** hafa ihany Dada e! manantena ny fiverenan'ny filoha Ravalomanana eo amin'ny fitondrana ny maro.

**Gérard Ramanantsoa :** ten marin zany... Dada ihany no mahavita azy sy tena manana vina amin'ireo kandidà ireo.

**Tolotra Ranoelison :** le tablier tena tsy mora simba e !

**Hugh Randria :** tsy ny tablier ihany no itiavan'ny vahoaka an'i Dada fa zavatra marobe tokoa amin'ny fampandrosoana sy ny sosialin'ny vahoaka.

**Glou Rabesata :** 25 ilay mahazo eee, hafa ihany Dada sy ny zava-bitany, ary mbola hotohizany sy hampitomboina izany afaka 2 volana rehefa tonga eo amin'ny fitondrana izy.

**Rzf Maha :** tsisy mahavita reny tablier reny raha tsy DADA ihany, hiverina indray ny faharisiana amin'ny fampidirana ny ankizy hianatra raha vao tafaverina eon y Filoha Marc Ravalomanana.

**Eric Blacko :** N°25 avao, io filiantsika.

**Rajo Ramamonjisoa :** zany ny olona raha mitsinjo ny taranaka! Misimisia ny toy izao!!

**Haja Nirina :** tiako lotra, mandona be ny foko ny zava-bitan'ny filoha Ravalomanana.

**Odette Lisinirina :** Zany? mahafantatra zany! Dada foana sika ee.. Sady tsara no mateza!!

**Nivo Rakitriniela** : zaho koa nisy fotoana nanontany dia hoy ilay ankizy hoe an'i zokinay tony no dimbiasinay, dia hoy aho hoe f'angaha tsy efa rovitra dia hoy izy hoe mateza sady tsitsiana tsy foinay fa nomen'i Dada Marc Ravalomanana.

**Michel Mananjara :** Ok N°25 ny antsika jiaby.

**Augustin Rabefihavanana :** tsy ny tablier tamin'i Dada ihany no matezaa, fa ny lalana vita tamin'izany koa, jereo ny lalana etsy Ambohidahy etsy amin' ny Saint Michel, mbola tsy misy lavaka, mbola tsy misy kianina mihitsy hatramin'izao.

**Robertine Havana:** President Marc Ravalomanana fo no kandidà tena mahavita raha, efa maro ny preuve nataony.

**Cathia Ramanorosoa:** tena mbola voakojakojan'ny ray aman-dreny sy ny ankizy ny tablier tamin'ny andron'i Dada, tena mahafinaritra.

**Hendry Rajaona:** nazoto nianatra mihitsy ny mpianatra tamin'ny andron'i Dada, ny ray aman-dreny koa navitrika nampiana-janaka. Anisan'ny laharam-pahamehana ho an'ny kandidà N°25 ny fampianarana sy fanabeazana izay.

**Martin Ravokatra:** tsy tablier ihany no mateza toy izao ny zava-bitan'I Dada fa zavatra maro tokoa, izay tsy anadinoan'ny vahoaka madinika sy ny tantsaha azy.

## NY TENY FIAINANA

***Efesiana 6:16***

*Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy.*

KIANJAN'AMBOHIJATOVO

# Hampiasaina amin'ny maha kianjan'ny demokrasia azy



*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny CUA tetsy Analakely omaly.*

Nivory nandritra ny 3 andro ny filankevitry ny tanànan' Antananarivo renivohitra nanomboka ny alatsinainy teo nifarana omaly, tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely. Lahadinika maro no nandraisana fanapahan-kevitra tamin'izao fivoriana izao hoy ny filohan'ny filankevitry ny Tanànan'Antananarivo renivohitra, ny kolonely Faustin Andriambahoaka, fa ireto no nisongadina tamin' izany. Fanatsaràna ny kianjan'Ambohijatovo ; fantatra fa kianjan'ny Demokrasia ny kianjan'Ambohijatovo , izay no nieritretana azy nefa diamipetra- ka fotsiny eo tsy mampiseho izay fanja an'ny demokrasia eto amin'ny Tanàna izay, koa dia ho ampiasaina amin 'ny ma-ha-kianjan'ny demokrasia azy ity kianja ity. Misisika hampiasa ny eo amin'ny kianjan'ny 13 mey ireo mpanao fihetsiketsehana , nefa Ambohijatovo no tena tokony hanehoan-kevitra. Ilaina fikarakaràna sy hoenti-manana anefa ny asa fanamboarana , ka tapaka tamin'ny fivoriana fa nomena ilay atao hoe accord de principe ny mpanatanteraka hitady ny fomba rehetra hoentina mikojakoja ny kianjan'Am- bohijatovo. Izany hoe hasiana sehatr'asa hahazoana vola hikarakarana ny toerana , tsy maintsy misy toerana amin'ny maha kianjan'ny demokrasia azy anefa ao anatin'ny kianja . Faharoa , ny bokin'andraikitra mikasika ny fitatera- na eto amin'ny tanànan' Antananarivo. Tapaka ny hanaovana tsaratsara kokoa ny fomba fitantanana ny fitaterana. Hatramin'izay, nisy ny bokin' andraikitra nefa tsy nisy fanatanterahana na fanaraha-maso ny zavatra natao. Izao dia tapaka fa hiara-hientana ny ambaratonga rehetra hiaraka hanara-maso ny zavatra tapaka ao anatin'io bokin'andraikitra io. Ao anatin' izany ny fijerena ny resaka tsolotra izay mampitaraina ny mpitatitra. Tapaka ihany koa ny fanatsaràna ny sampana mpamonjy voinan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nametrahana fomba vaovao ao anatiny hahafahana manatsara ny resaka vonjy taitra eto amin'ny Renivohitr'i Madagasikara. Tapaka ihany koa fa hatsaraina ny kianjaben'i Mahamasina izay natao hisokatra ho an'ny vahoaka rehetra indrindra ny lafiny fanatanjahantena. Hamboarina ny kianja , hesorina izay zavatra tsy mety hitondra aina vaovao ho an'ny rehetra mampiasa io toerana io izay ahitàna fanaovana karazana lalao isan-karazany sy ara-panatanjahantena. Farany , Mikasika ny décret 2018, io dia miresaka ny mpanolotsainan'ny Tanàna manerana an'i Madagasikara. Mila hatsaraina ny tambin'andraikitra izay mipetraka amin'ireo mpanolotsainan'ny Tanàna rehetra manerana ny Nosy .

***Helisoa***

Opération coup de poing

# Fanalana fako amin'ny dabam-pako miisa 235 eto Antananarivo

Natomboka ny alatsinainy teo amin' ny tsenan'Anosibe ny « opération coup de poing » entina hanadiovana ny tanàna. Izany hetsika iza- ny no natao dia hanalàna ireo fako mivangongo eto Antananarivo Renivohitra ary indrindra koa mba hisorohana ny fidiran'ny valan' aretina Pesta izay efa manantontanona eto amin'ny tanàna. Dabam-pako lehi- be na 235 bacs à ordures izay mipariaka ao amin'ireo boriboritany enina eto Antananarivo no hodiovina ary haharitra herinandro ny fanatanterahana ny asa. Fiarabe sy fitaovana maro no ampiasaina amin'izany. Mandritra izany ihany koa dia misy ny famendrahana fanafody entina hamonoana ny valan' aretina isan-karazany. Izany hetsika izany dia vokatry ny fifanomezan-tanana eo amin'ny Commune Urbaine Antananarivo (CUA), ny SAMVA, ny Minisiteran'ny Rano sy ny fidiovana, ny BNGRC, ary eo ihany koa ny Région eto Analamanga sy ny faritra manodidina azy.

***Aly***

Ambavahaditokana Itaosy

# Handraisana fepetra ireo mpitatitra mpihodina an-dàlana

Hentitra ny ben'ny tanànan' Ambavahaditokana Itaosy, Ratianarivo Bruno momba ireo fiara taxibe mpitatitra mampitohy an' Analakely sy Ambavahaditokana Itao-sy iny. Efa tapaky ny mpanolotsain'ny tanàna mantsy fa navadika ho "arrêté communal" ny fifanarahana momba ny lalàna mifehy ny mpitatitra sy ny mpanjifa any amin'iny faritra iny. Efa neken'ny vahoaka ny fiakaran'ny saran-dàlana ho 500 ariary hoy izy ireo saingy tokony hajaina kosa ny bokin'andraikitra toy ny fanajana ny mpa-ndeha sy ny ora fiasana. Tafiditra ao anatin'izany ny mpamily sy ny mpanampy, eo ihany koa ny tompon'ny fiara mihitsy. Mbola misy anefa fiara mihodina andàlana, iza-ny hoe miverina tapa-dàlana dia milaza ny sasany fa tsy hiasa intsony nefa dia vao miala eo dia mampiditra olona indray. Ny sasany indray dia mihodina fotsiny izao ka izay saim-pantany no ataony fa tsy raharahiany akory ny bokin'andraikitra sy ny fifanara- hana natao. Miantso ny Att, ny minisitera, ny mpitandro ny filaminana sy ny pôlisy ary ny sefo fokontany ny ben'ny tanàna mba hifanome tànana aminy amin'ireo fiara mbola mihodina an-dàlana ihany ka tsy manaja ny bokin'andraikitra akory. Ho hentitra arak' izany ny ben'ny tanàna ho an'ireo mbola minia tsy manaja lalàna raha ny fanazavany nandritry ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety.

***Rajo***

VAKINANKARATRA

## Tafapetraka amin'ny toerana iray ny asam-panjakana

Fotodrafitrasa lehibe, mendrika ny asam-panjakana no notokanana tao amin'ny velarantany natokan'ny Faritra Vakinankaratra ho an'ireo depar- temantam-panjakana isan-tokony. Nahazo ny anjarany ihany koa ankehitriny ny Foibem-paritry ny asam-panjakana, ny fanavaozana ny raharaham-panjakana, ny asa, ny fampananan'asa ary ny lalàna sosialy eto Vakinankaratra. Tanjon'ny Faritra Vakinankaratra ny hanala fahasahiranana ny vahoaka mpisitraka ny asa atolotry ny fanjakana ka natokany ho amin'izany ny tany eny Vatofotsy manamorona ny lalana mihazo ny ACMIL. Nanome voninahitra izany ny mini-sitra RAMAHOLIMASY Holder, Minisitry ny asam- panjakana, ny fanavaozana ny raharaham-panjakana, ny asa, ny fampa- nan'asa ary ny lalàna sosialy niaraka tamin' ireo delegasionina mafonja mpiaramiasa aminy. Nandritra ny fandraisam-pitenenana natao- ny no nanambarany fa tsy moramora ny andraikitra sahanin'ity departemanta ity, manamafy izany hoy izy ny halavan'ny anaran'ny Ministera, koa namporisika ireo mpiasa izy mba hanohy ny asa hatrany mba ho soa ho an'ny vahoaka. Mpiasa 34 no hiantsoroka sy hi-asa ao amin'ity birao vaovao ity ary mpiasampanjakana manodidina ny 9000, sy mpiasan'ny tsy miankina 8500 no hiandraiketan' izy ireo. Raha bangoina tokana dia miteti-bidy manodidi-na ny 240 tapitrisa ariary ny fotodrafitrasa. Arak' izany dia efa maro ireo biraon' ny Foibem-paritra tafapetraka eny Vatofotsy: ny BCMM, Ny foibem-paritry ny fampianarana teknika, ny tranokintan'ny Oniversite ary mbola ma-ro ireo andalam-panamboarana ankehitriny.

***Lezama***

Vakinankaratra

## Nankalaza ihany koa ny taom-baovao Malagasy

"Manandratra ny asa tanana sy ny kolontsaina ary ny vokatra an-tsaha". Raha Fianarantsoa no nisantarana ny taombaovao iraisan'ny Malagasy , Vakinankaratra kosa no nanohizana ny fankalazana ny andiany faharoa ary aharitra telo andro ny fankalazana. Tsinam-bolana no anatanterahana ny andron' ny taom-baovao iraisana ka ny faha 19 Septambra no nankalazana izany tao Tsaravavaka, Distrikan'i Betafo misy ny fasan'ANDRIATOMPONITANY mpanjakan'i Vakinankaratra nanomboka ny taona 1740- 1800. Tonga nanome voninahitra sy niara-nankalaza izao andron'ny taombaovao iraisan'ny Malagasy izao ny jeneraly RAKOTONARIVO William Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra sy ramatoa vadiny ary ireo mpiara-miasa aminy, Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA Olivier mpanolotsainan'ny kolontsaina sy ny vakoka Malagasy nahitana ireo ampanjaka manerana ny Nosy sy ny delegasionina mafonja avy any nosy rahavavy "Comores". Nandritra izao fankalazana izao no nanamafisan'Andriamatoa Lehiben'ny Faritra fa i Madagasikara no manana rafitra ara-tsosialy sy ara-piaraha-monina mahaleotena talohan'ny fanjanahantany. Manaporofo izany ny fihaonambe an'ireo Ampanjaka rehetra manerana ny Nosy ho fanamafisana ny fihavanana sy ny fanandratana ny kolontsaina maha Malagasy. Ny tantara no maha izy azy ny firenena, ary isika malagasy dia miezaka hatrany hiaro sy hitahiry ny kolontsainy. Fiarahamiasa amin'ny foibemparitry ny fambolena sy ny fiompiana ho fanandratana ny kolontsaina sy ny vokatra malagasy, nisy araka izany ny fampirantiana ny vokatra maro loko ny 21-22-23 Septambra lasa teo nanoloana ny tsangambaton'ny Fahaleovantena Antsirabe. Ara-pomba Malagasy ny lanonana teto ka nisy ny fanaovana sorona ho an'ireo mpanjaka milevina ao amin' ny fasana Tsaravavaka ary nisy ny fizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana ho an' ireo tonga nanatrika.

***Solohery***

Famarotana manga manta

## Atahorana hahazo vahana ny aretina tazo sy ny fivalanana

Tao anatin'ny roa herinandro, rakotra manga manta ny tsenam-pokontany ao Fort Dauphin renivohitra. Manandontano- na ny aretim-pivalanana sy ny tazo. Tsy mahandry ny voankazo hatoy sy masaka ireo tambanivolo fa avy hatrany, mioty mba hahazahoam-bola. Saika fahita isan-taona ary tsy misy ny fepetra azo avy amin'ny sefo fokontany sy ny avy ao amin'ny sampandraharaha miadidy ny fahasalamana. Vokatry ny fihinanana voankazo man- ta, atahorana ary mananontanona ny aretin-kibo sy ny areti-tazo. Ireo kilonga no tena atahorana amin'izy ity. Antony, ny tsy fisiana no anton'izany hoy ireo tambanivolo efa mivarotra manga manta. Ny vola azo amin'ny varotra voankazo manta, no vola hividianana sakafo. Ny tranga toy izao no tokony arahin'ny fiadidian'ny tanàna (commune) maso akaiky. Vo- katry ny tsy fisiana no anton'izao. Ny vola kely mba azo no hividianana sakafo.

***Mangarahara***



## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Raha te hanangana firenena vanona, raha tian-tsika ho tafarina i Madagasikara , ndao hametraka filoha matotra itokisan'ireo mpiara miombon'antoka ara-dalàna fa tsy MAFIAS toy ny an'ny sasany , hitondra @ fampandrosoana ka ho isan'ny firenena matanjaka aty Afrika i Madagasikara tsy hataon'i Frantsa sy ny vahiny tohatra fiakarana intsony . Ny Prezidà Marc Ravalomanana dia mbola atokisan'ny mpamatsy vola vahiny mahazatra hatramin'izao toy izany ny Union Européenne izao, matoky azy koa ny Banque Mondiale sy ny FMI, ankoatr'ireo mpitondra amin'ny firenen-dehibe matanjaka eran-tany. Noho izany ny numéro 25 ihany no manana chance be ho lany eo amin'ny 7 novambra, izy rahateo dia kandidàn'ny vahoaka.

***René Solonirina Rambeloarisoa***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA




FRIEDRICH EBERT STIFTUNG

politikā

**Communiqué de presse**

Nous – la Revue *Politikà* et la *Friedrich Ebert Stiftung (FES)* – sommes dans l'obligation- d'annuler la conférence-débat portant sur le thème *« Débat politique chiffré et élection : sondage sur la présidentielle de 2018 »* qui était prévue se tenir cet après-midi du 26 septembre à partir de 14h30, à l'hôtel Carlton.

Nous prenons acte des *« vives préoccupations quant à la publication de chiffres ou de quelconque résultat de sondages d'opinions »* et des impératifs liés à la *« sauvegarde de l'ordre public, de la dignité nationale et de la sécurité d'Etat »* qui nous ont été signifiés officiellement.

Nous tenons à présenter nos excuses à celles et ceux qui nous ont soutenus et qui ont manifesté leur enthousiasme par rapport à cette démarche courante et acceptée dans toutes les démocraties du monde, quoique inédite dans l'histoire des élections à Madagascar. Nous les remercions d'avoir voulu prendre part à cet évènement qui aurait servi à nourrir le débat démocratique.

Nous organiserons une conférence de presse ce jour dans le but d'apporter quelques éclaircissements et de plus amples informations sur l'initiative, l'hôtel IBIS, salle Filao, à 14h30.

Mercredi 26 Septembre 2018

La Rédaction de *Politikà* et la Friedrich Ebert Stiftung

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**22/09/18 hatramin'ny 29/09/18**

- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35


**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 819-09-18
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANGÔVO

# Miverina ny delestazy hoy ny JIRAMA

Nanambara ny JIRAMA (Jiro sy Rano Malagasy) omaly fa miverina ny delestazy na ny fahatapatapahan-jiro eto amintsika. Araka ny fanambarana: ny orinasa JIRAMA dia mampahafantatra ny mpanjifa fa nohon'ny tsy fahampian'ny famokarana amin'ireo tobim-pamokarana herinaratra dia voatery manao ny « délestage tournant » izy ireo mandra-pivahan'ny olana. Izany no antony fahatapahan'ny jiro amin' ny faritra maro. Miala tsiny amin'ny fanelingelenana aterak'izany izy ireo. Arak' izany dia hijaly jiro indray ny mpanjifa jiron'ny Jirama mandritra ny fotoana mbola tsy voafetra.

***Ny Valosoa***




***Ny foiben-toeran'ny orinasa JIRAMA etsy Ambohijatovo ambony.***

YMCA Madagascar

# Hitondra lasy miavaka ho an'ny tanora any Antsirabe

"Tsy hametraka tanora olom-banona fotsiny fa tanora hitondra fiovana", io no tanjona apetraky ny YMCA Madagascar "Young Men Christian Association" . Efa maro ny mpikambana eran'i Madagasikara izay miparitaka ao anatin'ny faritra 5, dia Alaotra-Mangoro, Atsinanana, Analamanaga, Atsimo-Andrefana ary Anôsy. Ankehitriny, tonga hanitatra ka hametraka rantsana eto Antsirabe izy ireo. Ho santatry ny fametrahana ny YMCA Antsirabe ary dia hikarakara "Lasy antsoina hoe "Citizen camp" izy ireo ny 15 hatramin'ny 21 Oktobra ho avy izao. Misokatra ho an'ireo tanora 18 taona noho mihoatra izy ity ary tolotra miavaka no ho azon'ireo tanora toy ny fiofanana mikasika ny "Leadership", na ny haitarika, ny fampivoarana ny maha-olona ary ny maha olom-banona. Ankoatr'ireo fiofanana dia ao anatin'ny fandaharam-potoana ihany koa ny fihaonana ara-panatanjahantena, ny hetsika ara-kolontsaina sy fitsidihana toera-manan-tantara eto Antsirabe. Fantatr'ireo rehetra ireo nandritra ny valan-dresaka nataon'ny solontenan'ny YMCA Madagascar nahitana an'Andriamatoa Heriniaina RANDRIAMALALA, tompondraikitry ny fandaharan'asa, Ramatoa Ony Malala Rakotonirina mpandraikitra ny fifandraisana sy ny sera- sera. Zavadehibe ho an'ny Faritra Vakinankaratra ny hetsika toy izao satria manome sehatra ny tanora hanatsarany ny ho aviny sy handraisany andraikitra eo amin'ny fiarahamonina ka hipaka amin' ny firenena iray manontolo. Ho an' ireo izay liana amin'ny "citizen camp" dia afaka mahazo ny andininy eny amin'ny biraon'ny foibem-paritry ny rano eny Vatofotsy.

***Lezama***

Famolavolana paikadim-pirenena

# Hiroborobo ny sehatry ny kaoperativa ao anatin'ny 10 taona


Nontotosaina teto Antsirabe ny atrikasam-paritra amin'ny famolavolana paikadim-pirenena amin'ny fampandrosoana ny kaoperativa eto Madagasikara. Ny Hotel des Thèrmes no nampiantrano izany ny herinandro teo, ka ireo mpikambana mivondrona ao anaty kaoperativa eto Antsirabe no nandray anjara tamin'izany. Tompomarika kosa ny ao anivon'ny foibem-paritry ny Indostria. Maro ny lohahevitra nifampizarana nandritra izany ka anisan'izany ny fanatsarana ny tontolon'ny kaoperativa, ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra rehetra, ary ny fahaiza-mitantana. Mandritra izao atrikasa izao ihany koa no hanambarana ny hetaheta sy olana iainanan'ireny orinasa madinika ireny. Ny tanjona amin'izao atrikasa izao dia tokony hiroboro, matihanina, mahaleo tena ary indrindra tsimialon-jafy ny kaoperativa rehetra eto Madagasikara. Tsy vitsy araka izany ny ezaka mbola hatao entina hampiroboroboana ny tontolon'ity fandraharahana iray ity satria miainga eny ifotony ny fampandrosoana ny Faritra ary indrindra ny Firenena iray manontolo. Raha ny fantatra dia tsy vao izao ireo no nanatanteraka ny atrikasa tahaka izao fa efa nisy ny voalohany tamin'ny volana febroary 2017 nampivondronana ireo kaoperativa manodidina ny 2000 isa eto Madagasikara. Faritra efatra no hanatanterahana izao atrikasa izao, ka anisan'izany ny Faritra Vakinankaratra, Faritra Anôsy, Faritra Boeny ary ny Faritra Atsinanana. Marihana fa mandritra ny 5 taona ny faharetan'ny tetikasa. Hisy noho izany ny fampianarana sy fampiofanana ireo kaoperativa ho fanamafisana ny traikefa efa nananan'izy ireo hatramin'izay. Raha ny eto vakinankaratra manokana dia azo lazaina fa efa manana ny maha izy azy ny kaoperativa amin'izao fotoana, ary misy ny tena efa mandroso tokoa.

***Solohery***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 253**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0252)


***Mitsivalana***

- Tanalahy
- Ma (Miv) – Re (Miv)
- Renirano
- Analama(o)
- Tanàna
- Fanala (Miv)
- Aloa – (M)aro

***Mitsangana***

- Taratra
- Amena
- Nanao
- Alamina (Miv)
- Rana
- Alana
- Hena – Ar
- Ory (Miv) – Afo

### TENY MIFANARAKA N° 253




**Mitsivalana**

**1.** Tsy mahare **2.** Fanontaniana – Vady (Miv) **3.** Solfa – Maneho alahelo **4.** Fiantsoana ny tsirairay **5.** Miasa – Milaza fananana (Miv) **6.** Aminy – Metaly – Tsirinteny Mpifanao **7.** Toeram-pilalaovana **8.** Fanekena (Miv) – Ao amin'ny mozika **9.** Ajanony – Ao amin'ny mozika (BR) **10.** Tsiro – Miaraka @ fanoto

**Mitsangana**

**A.** Latsa-dranomaso **B.** Vizana – Tovona (Miv) – Tampisaka **D.** Sakafo – Milaza fotoana **E.** Efatra sy roa – Faranteny **F.** Notafiana **G.** Dokotera – Tsirinteny Iharana **H.** Nitambatra – Volana **I.** Andro maizina – Matoanteny **J.** Raharahany – Ao anatin'ny tiona **K.** Rora – Mandoro – Fiandohan'ny taona.

### Valiny Teny mifanaraka 0252

***Mitsivalana***

1 Sakaizanay 2. Maso (Miv) - Omena 3. Lambo - Ina 4. Bory 5. Feana - Lany (Miv) 6. Ringa (Miv) - Bala 7. Koa - Isa - Ay 8. Ha (Miv) - Bika (Miv) - IV 9. Ity - Ako 10. Ambalavao.

***Mitsangana***

A. Salafaka B. Asa - Mihogo (Miv) D. Kambana - TB E. Ambony - Aia F. Kirara (Miv) G. Zo - Sida H. Amy - Baby (Miv) I. Nenina - AA J. Ana - Alaika K. Ia - Oviala (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana tany Bruxelles.










Ny fotoam-pamaranana ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny filan-kevitra monisipaly ny kaominina Antananarivo Renivohitra.



